**A Ny fototra iorenan'ny finoana:**

- ***Sola Scriptura / soli Deo gloria.***
    - Nanova ara-bakiteny an'izao tontolo izao ireo mpanavao fivavahana tamin'ny taonjato faha-16. Nasehon'izy ireo mazava anefa fa tsy misy zavatra manokana momba azy ireo. Olona novan'Andriamanitra izy ireo. Noho izany antony izany no nanambaran'izy ireo hoe: "Ho an'Andriamanitra irery ihany ny voninahitra".
    - Ahoana no nahatanteraka izany fiovana izany teo amin'izy ireo? Ny famakiana ny Tenin'Andriamanitra no nanatanteraka fahagagana. Inona no nataon'ny Baiboly ho azy ireo, ary inona no azony atao ho antsika?
        (1) Izy no fototra iorenan'ny finoana
        (2) Amin'ny finoana ny teny fikasana, dia mihavao ny finoantsika sy ny herim-pontsika
        (3) Toy voan'ny hazon'aina ny raviny
        (4) Mizara fifaliana, fanantenana ary hazavana
        (5) Mitari-dalana antsika, manome toky, hery ary fahendrena
        (6) Mitondra fiainana ara-batana, ara-tsaina, ara-pihetseham-po ary ara-panahy
    - Tao anatin'ireny fotoan-tsarotra ireny, nofenoiny ny Baiboly ny fiainan'izy ireo, na dia niafara tamin'ny famoizany ny ainy aza mba hitoetra mahatoky amin'ny fampianarany. Ary ankehitriny, mameno ny fiainanao koa ve ny Baiboly?
- **Ny Baiboly ho an'ny rehetra.**
    - Nanao fanitisiana ireo fahadisoana sasany tamin'ny fandikan-teny ny Baibolin'i Wycleff (nadika avy tamin'ny teny Latina) i Tyndale (1494-1536), ka nanao fandikana mivantana avy amin'ny teny nanoratana azy. Namoaka ny Testamenta Vaovao nadika avy amin'ny teny Grika izy.
    - Miles Coverdale no nanohy sy nameno ny asan'i Tyndale tamin'ny fandikana ny Testamenta Taloha avy amin'ny teny Hebreo nanoratana azy. Koa, nivoaka àry ny Baiboly voalohany amin'ny teny Anglisy tamin'ny 1535.
    - Io dikan-teny io no fototry ny fandikan-tenin'ny Baiboly be mpampiasa indrindra eo amin'ireo mpiteny Anglisy: ny *King James Version*, navoaka tamin'ny 1611.
    - Erasmus avy any Rotterdam, no namoaka ny Testamenta Vaovao tamin'ny teny Grika tamin'izany fotoana izany (izay fototry ny fandikana rehetra nataon'ny Mpanavao fivavahana).
    - Raha mbola teo am-pamolavolana sy famoahana ny Baiboly dikan-teny anglisy, dia mpanavao fivavahana hafa koa no nandika ny Baiboly tamin'ny fitenin-drazany:
        (1) Martin Luther: Allemand (1534)
        (2) Pierre Robert Olivétan : Frantsay (1535)
        (3) Brest Bible: Polonais (1563)
        (4) Casiodoro de Reina: Espaniola (1569)
        (5) Kralice Bible: Tchèque (1579)
        (6) Jonas Bretkunas: Lithuanien (1579)
        (7) Jurij Dalmatin: Slovaque (1584)
        (8) Giovanni Diodati: Italien (1607)
        (9) João Ferreira de Almeida: Portuguais (1691)
- **Ny Mpandika ny Baiboly.**
    - Rehefa namaky voalohany ny Baiboly tamin'ny teny Latina i Martin Luther, dia niova ny fiainany.
    - Rehefa namadibadika ny takila tsirairay izy, dia tsapany fa nisy hery ambony kokoa nanazava ny sainy. Velona sy mahery ny Filazantsara. Nanjavona ny fomban-drazana maizimaizina, ary nipoitra ny fahasoavan'i Kristy. Hery inona no nanazava ny sainy?

- Ny Fanahy Masina, ilay hany mpandika teny ny Baiboly nahazo alalana, no nanambara ny fahamarinana voarakitra ao. Ary io Fanahy Masina io ihany no omena antsika mba hahatakatra ihany koa isika! (Jaona 14:26; 16:13).
- Nanomboka tamin'izay fotoana izay dia niharihary fa tsy misy firindrana teo amin'ireo lovantsofina nampianarin'ny fiangonana ofisialy sy ireo fahamarinana voarakitra ao amin'ny Baiboly. Voarakitra ao amin'ny Baiboly ny hany fitsipika momba ny finoana sy ny fitondran-tena, sady ambaran'ny Fanahy Masina amintsika.

**B Ny fototra iorenan'ny famonjena:**

- ***Sola gratia / sola fide / solus Christus .***
  - Fahamarinana fototra telo lehibe no hita ao amin'ny Efesiana 2:8.
    - (1) Fahasoavana irery ihany no amonjena antsika
    - (2) Finoana ihany no fomba hahazoana fahasoavana
    - (3) Fanomezana avy amin'Andriamanitra, fanomezana ny Zanany: Kristy irery ihany
  - Noho ny fahotantsika dia voaheloka ho amin'ny fahafatesana mandrakizay isika (Rom. 6:23a). Kanefa nanamboatra fomba handoavana ny trosantsika sy hanomezana antsika ny fiainana mandrakizay Andriamanitra (Rom. 6:23b).
  - Rehefa hitan'i Martin Luther fa i Kristy irery hany no loharanon'ny famonjena azy, dia nanomboka nitory izany fahamarinana izany izy. An'arivony, izay voafatotry ny fitaka nataon'ny fahavalo, no nafahana sy novàna.
  - Na dia maimaim-poana aza ny famonjena, dia tsy voafetra ny sandany, ary ampy ho an'ny rehetra (Jaona. 3:16; Rom. 8:32).
- **Mitombo amin'ny fahasoavana.**
  - Nandritra ny Moyen Âge, dia nihevitra ny ahazo famonjena (sy ny an'ny razambeny) amin'ny alalan'ny sorona masina, didy avy amin'ny Papa, fampajalian-tena, fivahiniana masina... ny olona.
  - Nampahory ireo rehetra ireo. Tsy nety ho ampy mihitsy. Mandra-pahitany ny fahasoavan'i Kristy. Nanomboka tamin'izay fotoana izay dia nahatsiaro ho afaka tokoa izy ireo. Moa nitarika azy ireo hanao tsinontsinona ny Lalàna, sa hankatò azy izany fahafahana izany?
  - Tohina tamin'ny fampidirana nataon'i Luther ny amin'ny epistily ho an'ny Romana i John Wesley (1703-1791), iray tamin'ireo mpanorina ny hetsika Metodista. Nitarika azy hikatsaka fitomboana amin'ny fahasoavana ny finoany vaovao.
  - Tsy nahatonga azy hanamavo ny Lalàna ny fahafantarany ny famonjena ny tenany amin'ny alalan'ny fahasoavana, fa vao maika nandinika izany bebe kokoa, mba hifanaraka hatrany hatrany amin'ny fiainana izay andrasan'i Kristy aminy ny fiainany.